Efa Renao Ve Ireo Zava-dehibe Efatra Momba Ny Fiainana Ara-panahy?

Have You Heard of the Four Spiritual Laws?

Just as there are physical laws that govern the physical universe, so are there spiritual laws which govern your relationship with God.

Izao tontolo izao iainantsika dia misy lalàna mifehy azy. Toy izany koa ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra.

God **LOVES** you and offers a wonderful **PLAN** for your life.

1

Tia anao Andriamanitra ka manolotra **FIAINANA** mahagaga ho anao.

(References contained in this booklet should be read in context from the Bible wherever possible.)

(Azonao vakina ao anaty Baiboly ireo andinin-tSoratra Masina hita ato)

GOD'S LOVE

"God so loved the world that He gave His one and only Son, that whoever believes in Him shall not perish, but have eternal life" (John 3:16 NIV).

NY FITIAVAN'ANDRIAMANITRA.

«Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanani-lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay». Jaona 3:16

GOD'S PLAN

[Christ speaking] *"I came that they might have life, and might have it abundantly" (John 10:10).*

NY FIAINANA ATOLONY.

I Kristy no miteny hoe: *«Izaho avy mba hananany fiainana, sady hananany be dia be». Jaona 10:10*

Why is it that most people are not experiencing the abundant life?

Maro anefa ny olona tsy mahafantatra izany fiainana be dia be izany satria…

Man is **SINFUL** and **SEPARATED** from God. Thus, he cannot know and experience God's love and plan for his life.

2

Mpanota ny **OLOMBELONA** ka **TAFASARAKA** amin' Andriamanitra, noho izany dia tsy fantany ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fiainana atolotr' Andriamanitra azy.

MAN IS SINFUL

"All have sinned and fall short of the glory of God" (Romans 3:23).

Man was created to have fellowship with God; but, because of his stubborn self-will, he chose to go his own independent way, and fellowship with God was broken. This self-will, characterized by an attitude of active rebellion or passive indifference, is an evidence of what the Bible calls sin.

MPANOTA NY OLOMBELONA.

«Fa samy efa nanota izy rehetra ka tsy manana ny voninahitra avy amin'Andriamanitra». Romana 3:23

Noforonin' Andriamanitra mba hanana fifandraisana mitohy Aminy ny olombelona. Nifidy ny handeha araka ny sitrapony anefa izy; vokatr'izany dia rava ny fifandraisany amin'Andriamanitra. Na ny fanoherana mivantana an'Andriamanitra, na ny tsy firehana manoloana ny Tenin'Andriamanitra dia samy antsoin'ny Baiboly hoe «fahotana» avokoa.

MAN IS SEPARATED

"Your iniquities have separated you from God… (Isaiah 59:2a)

"The wages of sin is death" [spiritual separation from God] *(Romans 6:23).*

This diagram illustrates that God is holy and man is sinful. A great gulf separates the two. The arrows illustrate that man is continually trying to reach God and the abundant life through his own efforts, such as a good life, philosophy, or religion – but he inevitably fails.

·The third law explains the only way to bridge this gulf…

TAFASARAKA AMIN'ANDRIAMANITRA NY OLOMBELONA

«Fa ny helokareo no efitra mampisaraka anareo amin'Andriamanitrareo» Isaia 59:2a

«Fa fahafatesana [fisarahana ara-panahy amin'Andriamanitra] *no tambin'ny ota» Romana 6:23*

Io sary io dia mampiseho fa masina Andriamanitra ary mpanota ny olombelona. Hantsana lehibe no mampisaraka azy amin'Andriamanitra. Miezaka araka izay saim-pantany izy mba hanana fiainana tonga lafatra, mba ho tsara fitondran-tena, ho tsara fanahy sy hanampy ny hafa sns…

Tsy mahafaka ny fahotany anefa izany.

Ny zava-dehibe fahatelo no manome antsika ny vahaolana amin'izany…

Jesus Christ is God's **ONLY** provision for man's sin. Through Him you can know and experience God's love and plan for your life.

3

I Jeso Kristy irery ihany no manafaka amin'ny **FAHOTANA**. Maty noho ny fahotantsika izy ary amin'ny alalany no ahazoantsika mahafantatra sy mivelona amin'ny fltiavan'Andriamanitra sy ny fiainana atolony.

HE DIED IN OUR PLACE TO SAVE US AND ROSE FROM THE DEAD

"But God demonstrates his own love for us in this: while we were still sinners, Christ died for us." (Romans 5:8)

"Christ died for our sins…He was buried…He was raised on the third day, according to the Scriptures…He appeared to Peter, then to the twelve. After that He appeared to more than five hundred…" (1 Corinthians 15:3–6).

HE IS THE ONLY WAY TO GOD

"Jesus said to him, 'I am the way, and the truth, and the life; no one comes to the Father, but through Me'" (John 14:6).

This diagram illustrates that it is only God who is able to re-establish our relationship with Him, and this has been acheived by sending His Son, Jesus Christ, to die on the cross in our place to pay the penalty for our sins.



It is not enough just to know these three laws …

MATY HAMONJY ANTSIKA IZY ARY NITSANGANA TAMIN'NY MATY.

«Fa i Kristy koa aza efa nijaly indray mandeha noho ny ota, ny Marina hamonjy ny tsy marina, mba hitondra antsika amin'Andriamanitra». 1 Petera 3:18

«Kristy maty noho ny fahotantsika ... dia nalevina, ary natsangana tamin'ny andro fahatelo araka ny Soratra Masina… ary niseho tamin'i Kefasy Izy, dia vao tamin'ny roa ambin'ny folo lahy koa. Rehefa afaka izany, dia niseho tamin'ny rahalahy tsy omby dimanjato Izy…» 1 Korintiana 15:3-6

IZY NO LALANA TOKANA.

Hoy i Jeso: «Izaho no làlana sy fahamarinana ary fiainana, tsy misy olona mankany amin'ny Ray afa-tsy amin'ny alalako.» Jaona 14:6

lo sary io dia mampiseho fa Andriamanitra irery no mamerina amintsika ny fifandraisana Aminy. Izany dia nataony tamin'ny alalan'i Jeso Kristy izay maty nisolo voina antsika teo amin'ny hazo fijaliana.

Tsy ampy anefa ny mahalala ireo zava-dehibe telo voalaza ireo fa …

We must individually **RECEIVE** Jesus Christ as Saviour and Lord; then we can know and experience God's love and plan for our lives.

4

Isika tsirairay avy no tokony **HANDRAY** an'i Jeso Kristy ho mpamonjy sy Tompontsika, amin'izay dia ho fantantsika sady hivelomantsika ny fitiavan' Andriamanitra sy ny fiainana atolony antsika.

WE MUST RECEIVE CHRIST THROUGH FAITH

"As many as received Him, to them He gave the right to become children of God, even to those who believe in His name" (John 1:12)

"By grace you have been saved through faith; and that not of yourselves, it is the gift of God; not as a result of works, that no one should boast" (Ephesians 2:8,9).

WHEN WE RECEIVE CHRIST, WE EXPERIENCE A NEW BIRTH (Read John 3:1-8)

[Christ speaking] *"Behold, I stand at the door and knock; if any one hears My voice and opens the door, I will come in to him" (Revelation 3:20).*

Receiving Christ involves turning to God from self (repentance) and trusting Christ to come into our lives to forgive our sins and to make us what He wants us to be. Just to agree **intellectually** that Jesus Christ is the Son of God and that He died on the cross for our sins is not enough. Nor is it enough to have an **emotional** expereince. We receive Jesus Christ by **faith**, as an act of **choice.**

These two hearts represent two kinds of lives:

SELF-DIRECTED LIFE

✞ Christ is outside his life.

When a person leads his own life, he doesn't have the peace of God.

CHRIST-DIRECTED LIFE

✞ Christ is in his life.

Therefore Christ is directing every aspect of his life and gives him His peace.

Which heart best represents your life?

Which heart would you like to have represent your life?

The following explains how you can receive Christ:

TOKONY HANDRAY AN'I KRISTY AMIN'NY ALALAN'NY FINOANA ISIKA.

«Fa izay rehetra nandray Azy dia nomeny hery ho tonga zanak'Andriamanitra, dia izay mino ny Anarany.» Jaona 1:12

«Fa fahasoavana no namonjena anareo amin'ny finoana; ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy amin'Andriamanitra; tsy avy amin'ny asa, fandrao hisy hirehareha.» Efesiana 2:8,9

REHEFA MANDRAY AN'I KRISTY ISIKA DIA TERAKA ARA-PANAHY (Vakio ny Jaona 3:1-8)

I Jeso no miteny hoe: *«Indro, efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandòndòna; raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarana; dia hiditra ao aminy Aho...» Apokalypsy 3:20*

Tsy ampy ny **mahalala** fa Zanak'Andriamanitra i Jeso Kristy sy ny fananana **fihetseham-po** noho Izy maty noho ny fahotantsika. Ny hoe mandray an'i Kristy dia miverina amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fibebahana ary matoky fa miditra ao amin'ny fiainantsika Izy ka mamela ny helotsika sy manavao antsika ho araka ny sitrapony. Amin'ny **finoana** no andraisana an'i Kristy, ary vokatry ny **safidy** izany.

Ireto sary ireto dia mampiseho toe-piainan'olona roa samy hafa:

OLONA MANDEHA ARAKA NY SITRAPONY FOTSINY:

Any ivelan'ny fiainany i Kristy (na ny ✞).

Raha mandeha araka ny sitrapony fotsiny ny olona dia tsy manana ny fiadanan'Andriamanitra

OLONA MANAIKY HOTAPAHIN'I KRISTY:

Ao amin'ny fiainany i Kristy (na ny ✞).

Amin'izany dia mandamina ny lafim-piainany rehetra Izy sady manome azy ny fiadanany

Ny aiza amin'ireo sary ireo no tahaka ny fiainanao?

Ny aiza amin'ireo sary ireo kosa no fiainana irinao hananana?

Ny fomba handraisanao an'i Kristy …

YOU CAN RECEIVE CHRIST RIGHT NOW BY FAITH THROUGH PRAYER

(Prayer is talking to God)

God knows your heart and is not so concerned with your words as He is with the attitude of your heart. The following is a suggested prayer:

"Lord Jesus, I need You. Thank You for dying on the cross for my sins. I open the door of my life and receive You as my Savior and Lord. Thank You for forgiving my sins and giving me eternal life. Take control of the throne of my life. Make me the kind of person You want me to be."

Does this prayer express the desire of your heart?

If it does, I invite you to pray this prayer right now, and Christ will come into your life, as He promised.

AZONAO ATAO IZAO NY MANDRAY AN'I KRISTY AMIN'NY ALALAN'NY VAVAKA

(Ny hoe mivavaka dia miresaka amin'Andriamanitra).

Tsy ny teny ataonao anefa no zava-dehibe Aminy fa ny toe-ponao. Afaka mivavaka toy izao ianao:

«Jeso Tompo ô , hatramin'izao dia ny sitrapoko no mibaiko ahy ary nanota taminao aho tamin'izany. Misaotra Anao aho noho ny namelanao ny heloko. Midira ato am-poko lanao ka manapaha ny fiainako manontolo. Ekeko ho Tompoko sy Mpamonjy ahy lanao hatramin'izao. Havaozy ny fiainako mba ho tonga olona araka ny sitraponao aho. Amena.»

Mifanaraka amin'io vavaka io ve ny faniriana ao am-ponao?

Raha izany dia azonao atao io vavaka io izao ary dia hiditra ao am-ponao araka ny nampanantenainy i Kristy.

HOW TO KNOW THAT CHRIST IS IN YOUR LIFE

Did you receive Christ into your life? According to His promise in Revelation 3:20, where is Christ right now in relation to you? Christ said that He would come into your life. Would He mislead you? On what authority do you know that God has answered your prayer? (The trustworthiness of God Himself and His Word.)

THE BIBLE PROMISES ETERNAL LIFE

*"The witness is this, that God has given us eternal life, and this life is in His Son. He who has the Son has the life; he who does not have the Son of God does not have life. These things I have written to you who believe in the name of the Son of God, in order that you may **know** that you have eternal life" (1 John 5:11–13).*

Thank God often that Jesus Christ is in your life and that He will never leave you (Hebrews 13:5). You can know on the basis of His promise that Christ lives in you and that you have eternal life from the very minute you invite Him in. He will not deceive you.

NY FOMBA AHAFANTARANAO FA AO ANATINAO TOKOA I KRISTY

Efa noraisinao ao am-ponao ary ve izao i Kristy ? Araka ny fampanantenana nomeny ao amin'ny Apokalypsy 3:20, aiza ary izao i Kristy ? Efa nilaza i Kristy fa hiditra ao amin'ny fiainanao; mety handainga aminao ve Izy? Ahoana no ahalalanao fa namaly ny vavaka nataonao teo Andriamanitra ? (Satria azo itokiana Andriamanitra sy ny Teniny.)

NY BAIBOLY DIA MANAMBARA FA MANANA FIAINANA MANDRAKIZAY IZAY REHETRA NANDRAY AN'I KRISTY

*«Ary izao no fanambarany: fiainana mandrakizay no omen' Andriamanitra antsika ary ao amin'ny Zanany izany fiainana izany. Izay manana ny Zanaka no manana ny fiainana; izay tsy manana ny Zanak'Andriamanitra no tsy manana ny fiainana. Izany no nosoratako aminareo izay mino ny anaran'ny Zanak'Andriamanitra, mba ho **fantatrareo** fa manana fiainana mandrakizay ianareo» 1 Jaona 5:11-13*

Misaora an' Andriamanitra mandrakariva fa ao anatinao i Kristy ary tsy handao anao mihitsy (Hebreo 13:5). Noho ny teny fikasany, dia tsarovy fa velona ao anatinao i Kristy ary manana fiainana mandrakizay ianao hatramin'ny fotoana nandraisanao Azy. Tsy hamitaka anao Izy.

DO NOT RELY ON FEELINGS

We rely on God's word not on feelings. The Christians lives by believing (trusting) God and His Word. The drawing below explains the relationship with the truth (God and His Word), faith (trusting God and His Word) and feelings (the result of the faith and obedience). Read John 14:21.

The train will run with or without the caboose. But, the caboose cannot pull the train. In the same way, we as Christians do not depend on feelings or emotions, but we place our faith (trust) on God and His Word.

AZA MITO KY AMIN'NY FAHATSAPANAO

Ny Tenin'Andriamanitra no itokiantsika fa tsy ny fahatsapana. Ny Kristiana dia mivelona amin'ny finoana (fahatokiana) an' Andriamanitra sy ny Teniny. Ny sary eto ambany dia manazava ny fifandraisana eo amin'ny **fahamarinana** (Andriamanitra sy ny Teniny), ny **finoana** (fahatokiana an'Andriamanitra sy ny Teniny) ary ny **fahatsapana** (ny vokatry ny finoana sy ny fankatoavana) (Vakio ny Jaona 14:21).

Afaka mandeha ny lamasinina na misy na tsy misy kalesy. Kanefa, ny kalesy kosa dia tsy afaka hitarika ny lamasinina. Dia toy izany koa, isika Kristiana dia tsy miantehatra amin'ny fihetseham-po na ny fahatsapana fa mametraka ny finoantsika (fahatokiana) amin'Andriamanitra sy ny Teniny.

NOW THAT YOU HAVE RECEIVED CHRIST SOME THINGS HAVE BEEN CHANGED IN YOUR LIFE AS OUTLINED BELOW:

1. Christ came into your life (Revelation 3:20, Colossians 1:27)
2. Your sins were forgiven (Colossians 1:14).
3. You became a child of God (John 1:12).
4. You recieved eternal life (John 5:24).
5. You began the great adventure for which God created you (John 10:10, 2 Corinthianns 5:17, 1 Thess 5:18).

Can you think of anything more wonderful that could happen to you than receiving Christ? Would you like to thank God in prayer right now for what He has done for you? By thanking God, you demonstrate your faith.

Let us pray…

REHEFA NORAISINAO AMIN'NY ALALAN'NY FINOANA I JESO KRISTY DIA ZAVATRA MARO NO TANTERAKA AMIN'NY FIAINANAO ARY IRETO NO SASANTSASANY AMIN'IZANY

1. I Kristy dia ao anatinao (Apokalypsy 3:20; Kolosiana 1:27).
2. Voavela ny helokao (Kolosiana 1:14).
3. Tonga zanak'Andriamanitra ianao (Jaona 1:12).
4. Manana ny fiainana mandrakizay ianao (Jaona 5:24).
5. Manomboka miaina fiainam-baovao izay natolotr'Andriamanitra anao ianao (Jaona 10:10; II Korintiana 5:17; I Tesaloniana 5:18).

Heverinao ve fa misy zavatra tsara kokoa noho izany hoe mandray an'i Kristy izany eo amin'ny fiainanao ? Tianao ve ny hisaotra an'Andriamanitra izao noho izay nataony ho anao ? Raha misaotra Azy ianao dia mampiseho ny finoanao Azy izany.

Aoka ary hivavaka isika ..

SUGGESTIONS FOR CHRISTIAN GROWTH

Spiritual growth results from trusting Jesus Christ. *"The righteous man shall live by faith" (Galatians 3:11).* A life of faith will enable you to trust God increasingly with every detail of your life, and to practice the following:

1. Go to God in prayer daily (John 15:7).

2. Read God's Word daily (Acts 17:11); begin with the Gospel of John.

3. Obey God moment by moment (John 14:21).

4. Witness for Christ by your life and words (Matthew 4:19; John 15:8).

5. Trust God for every detail of your life (1 Peter 5:7).

6. Holy Spirit – allow Him to control and empower your daily life and witness (Galatians 5:16,17; Acts 1:8).

.NY FITOMBOANA ARA-PANAHY

Ny zaza vao teraka dia tsy mijanona amin'ny maha-zaza azy fa tokony hitombo. Toy izany koa, ny Kristiana tsirairay dia mila mitombo ara-panahy. Indreto misy torohevitra hahatanteraka izany:

1.Manokàna fotoana isan'andro hivavahanao amin'Andriamanitra (Jaona 15:7)
2. Mandiniha Tenin'Andriamanitra isan'andro (Asa 17:11). Atombohy amin'ny Filazantsaran'i Jaona izany.
3. Ankatoavy mandrakariva ny Tenin'Andriamanitra (Jaona 14:21).
4. Mitoria an'i Kristy amin'ny toetranao sy ny teny ataonao (Matio 4:19; Jaona 15:8).
5. Matokia an'Andriamanitra eo amin'ny lafim-piainanao rehetra (1 Petera 5:7).
6. Aoka hotarahin'ny Fanahy Masina ianao eo amin'ny fiainanao andavanandro sy eo amin'ny fijoroanao ho vavolombelona (Galatiana 5:16,17; Asa 1:8).

FELLOWSHIP IN A GOOD CHURCH

God's Word instructs us not to forsake *"the assembling of ourselves together" (Hebrews 10:25).* Several logs burn brightly together; but put one aside on the cold hearth and the fire goes out. So it is with your relationship with other Christians. If you do not belong to a church, do not wait to be invited. Take the initiative; call the pastor of a nearby church where Christ is honored and His Word is preached. Start this week, and make plans to attend regularly.

NY MAHA-ZAVA-DEHIBE NY FIANGONANA

Raha maromaro ny kitay ao am-patana dia mirehitra tsara ny afo. Raha atokana toerana anefa ny kitay anankiray dia mihamaty ny afo aminy. Dia toy izany koa, ho sarotra aminao ny hivelona samy irery ny fiainana kristiana. Zava-dehibe tokoa ny hifaneraseranao amin'olona hafa izay efa nandray an'i Jeso Kristy ho Tompony sy Mpamonjy azy. Noho izany, aoka ianao hanatona fiaraha-mivavaka any am-piangonana, dia izay fiangonana anekena fa Tenin'Andriamanitra marina ny Baiboly manontolo ary ankalazana an'i Jeso Kristy. Atombohy amin'ity herinandro ity izany.
Hoy ny Hebreo 10:25 *:"Aza mahafoy ny fiarahantsika miangona, tahaka ny fanaon'ny sasany, fa mifananara kosa fa mainka satria hitanareo fa mihantomotra ny andro"*

SPECIAL MATERIALS ARE AVAILABLE FOR CHRISTIAN GROWTH.

If you have come to Christ personally through this presentation of the gospel, helpful materials for Christian growth are available to you. For more information write

Campus Crusade for Christ Australia,
PO Box 40,
Sydney Markets, NSW 2129

phone (02) 9748 5798 Fax: (02) 9748 5799
email: materials@hereslife.com
Website: www.hereslife.com

©Campus Crusade for Christ Australia, 2002
A.C.N. 002 310 796 Item: MexEng4pWBw05Apr

LESONA FANOHIZANA

Raha nanapa-kevitra handray an'i Kristy ianao, dia misy lesona fanohizana hanampy anao amin'izao adiresy izao:

Campus Pour Christ Madagascar
BP 3655, Antananarivo 101
MADAGASCAR

Email: **cpcm@dts.mg**

Here's Life

Helping you reach multicultural communities with the Gospel

You can get bi-lingual Gospel tracts in more than 70 languages from our website

(www.hereslife.com/evangel/tracts.htm)

Now you can have the tracts in the languages you need when you need them

IN BOOKLET FORMAT

Over 50 languages are now available in booklet format (10 cm by 10cm). Ideal for evangelistic campaigns and training events. Carry tracts in several languages in your pocket while you are out shopping or visiting people.

To check the lastest list of languages and prices visit www.hereslife.com/orders

ON CDROM

Learn to Share the Gospel in over 70 languages in less than an hour.

Now you can have the tracts you need to reach your neighbours and friends with the Gospel! Print off just one from your computer or photocopy a thousand.

To check the lastest list of languages and prices visit www.hereslife.com/orders

OTHER IDEAS FOR EVANGELISM

Parables for Clowns

Here are four simple tricks that you can learn in less than 30 minutes plus a tract for each trick that will get a person thinking about spiritual things.

Free from: www.hereslife.com/involve/festival.htm

Granny Smith Apple Evangelism

Get a basket of Granny Smith apples and use this tract as a basis for telling people the Gospel story. Great for people from a Muslim background.

Free from: www.hereslife.com/involve/festival.htm

IDEAS FOR FOLLOW-UP

Easy English Bible Studies

What do you do after your friend responds to the Gospel? Here is a series of eight Bible studies in easy English to help them get a good foundation.

Free from: www.hereslife.com/followup/studies.htm

Other Resources

Looking for a Bible in another language? Maybe you need hard to find resources in another language. Check out our links at www.hereslife.com/evangel/links.htm

INVOLVEMENT

Everyone can be involved in helping to reach multi-cultural communities with the Gospel.

We offer coaching, helping you reach YOUR world with the Gospel.

See outreach in action by coming along for one day of involvement in:

- Muslim Evangelism
- Festival Evangelism
- Creative Street Evangelism
- Women's Evangelistic Craft Mornings

We are also looking for people to fill volunteer and full-time positions.

For details on these and other opportunities visit: www.hereslife.com/involve

---

Here's Life
Reaching out with the Gospel to multi-cultural communities

A ministry of Campus Crusade for Christ Australia

PO Box 40, Sydney Markets, NSW 2129
Phone: +61 2 9746 3263 Email: prouty@hereslife.com Visit us at: www.hereslife.com